Tena marina fa anisan'ny iray amin'ireo jiady lehibe indrindra dia ny tenin'ny fahamarinana manoloana ny mpitondra manao ny tsy rariny

Tatitra azo avy tamin'i Abo Said Al-Khodri (RA), niteny ny Mpaminany (SAW) manao hoe : "Tena marina fa anisan'ny iray amin'ireo jiady lehibe indrindra dia ny tenin'ny fahamarinana manoloana ny mpitondra manao ny tsy rariny."

[حسن لغيره] [Notantarain'I Abo Daòd, Al-Tirmizì, Ibn Màjah ary Ahmad]

Nasehon'ny Mpaminany mazava tsara fa iray amin'ireo karazana ady masina amin'ny lalan'I Allah- lehibe sy mahasoa indrindra dia ny fitenenana ny rariny sy ny marina eo anatrehan'ny mpitondra na andriana mpanao tsindrihazolena; Satria izany dia asa famporisihana amin'ny tsara sy fanakanana amin'ny ratsy, na amin’ny fiteny izany, na amin’ny soratra, na amin’ny fihetsika, na amin’ny zavatra hafa, izay hahazoana tombontsoa sy hialana amin’ny ratsy.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3045